# “Tsy misy mpino silamo iray manao Ouzo ka manao izany tsara, avy eo mitsangana mivavaka roa rakat, miatrika tsara izany ny fony sy ny tavany, afa-tsy ny paradisa azo antoka ho azy.”

Tatitra azo avy tamin'i Oqba bin Amir (R.A) niteny : Tsy maintsy niompy rameva izahay, ka nandroaka azy ireo aho ny hariva, ka nahita ny irak'Allah (S.A.W) aho nijoro no sady miresaka tamin'ny olona ka henoko tamin'ny teniny ny hoe : “Tsy misy mpino silamo iray manao Ouzo ka manao izany tsara, avy eo mitsangana mivavaka roa rakat, miatrika tsara izany ny fony sy ny tavany, afa-tsy ny paradisa azo antoka ho azy.” Hoy izy, niteny aho : Tsara tokoa izany. dia, avy eo nisy olona niseho teo anatrehako, niteny hoe : Ilay teo aloha no tsara kokoa, ka nijery azy aho, ka i Omar no niteny hoe : Hitako vao tonga teo ianao, hoy izy : “Tsy misy na iray aminareo manao Ozo feno - na manao azy tsara - navy eo miteny hoe : Ash'ahdo an-lailaha illaho wa anna Mohammadan Rasolollahi- izay midika hoe : Izaho dia mijoro ho vavolombelona fa tsy misy tompo marina afa-tsy Allah ary i Mohammad dia mpanompon’I Allah sy iraka avy Aminy, afa-tsy ny vavahady valon’ny Paradisa no misokatra ho azy, ary afaka miditra amin’izay tiany izy”.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nazavain'ny Mpaminany (S.A.W) rehefa izy niresaka tamin'ny olona ny fahasoavana lehibe anankiroa : Ny voalohany : Izay nanao ozo, ka manao izany tsara, mamita izany feno araka ny fomba ara-sonnah, ary manome rano araka ny tokony ho izy ny rantsam_batana tsirairay, dia niteny manao hoe : Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy misy tompo marina afa-tsy Allah, ary Mpanompon'I Allah sy iraka i Mohammad; afa tsy hoe misokatra ho azy ny vavahady valo amin’ny Paradisa, dia mahazo miditra amin’izay tiany izy. Faharoa : Izay manao izany ozo feno izany, avy eo mitsangana aorian’io ozo io ary mivavaka roa rakat; Mifantoka tsara sy amin'ny fo feno fanetren-tena sy fatahorana, ary ny fanolorana ny tavany sy ny rantsam-batana rehetra amin’I Allah, afa-tsy tsy hoe voadidy aminy ny miditra ny Paradisa.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/8388